# “Ny fahoriana iaraha-mitondra ho fandrosoana iaraha-misitraka

*Ny demokrasia dia mahomby raha marina sy mahitsy ny mpitondra, ary nobeazina sy tonga saina ny vahoaka*



Sary : Fiofanana maimaim-poana nokarakaran'ny RCR tany Mahajanga - Des 2023

## ANTOM-PISIANA SY SOATOAVINA

Lavo Madagasikara ka tsy maintsy haverina ny fanjakana tan-dalana izay manaja ny Zo fototra sy ny Hasina maha-Malagasy. Ny tanjona dia ny hiverenan'ny fahatokisan'ny vahoaka Malagasy ny andrim-panjakana lehibe izay natao hiaro ny zon'ny olom-pirenena tsy an-kanavaka ary amin'ny alalan'ny fahatongavan-tsain'ny tsirairay no hanatratrarana izany.

Ny antoko RCR dia miasa, tsy ho an'ny anio ihany, fa hitsinjovana ny faramandimby ary vonona ny hametraka rafitra matanjaka sy maharitra ho reharehan'ny taranaka any aoriana. Tsy ho tody amin'izany fampandrosoana maharitra izany anefa isika raha mbola io rafitra mitongilana sy marefo fototra io no ijoroan'ny firenena. Izay ilay fanovan-drafitra dradraina ombieny kasain'ny RCR-TOLONA hotanterahina eto Madagasikara. Rafitra vaovao àry no hapetraka hifehy ny politika sy handrindra ny toe-karena sy ny sosialy, mba hanjakan'ny rariny sy ny hitsiny tsy hisian'ny “kely tsy mba mamindro”

Ireto efatra ireto no Soatoavin'ny antoko RCR-TOLONA:

**Mifameno :** “Izay tsy mahay sobika, mahay fatram-bary” ary “Ny manta ambilany mila mpahandro, ny masaka an-toko mila mpandoatra, ny voaloatra an-dovia mila mpandroso”

**Mifampiera :** “Tsy hanao didiko fe lehibe” fa kosa ho “Mpirahalahy mianala, izaho tokiny izy tokiko”

**Samy tompon'andraikitra** amin'ny fahombiazana na tsia : “Asa vadi-drano, tsy vita raha tsy hifanakonana” ary koa “Tao-trano tsy efan'irery”

**Tsy miandany amin'ny finoana** fa manaja ny rehetra.

**Laza RAZAFIARISON**
Filohan'ny Antoko
RCR/T.OLO.N.A



## VINAM-PIARAHAMONINA

Maty tanteraka ny rafi-piarahamonina misy ankehitriny ary izany no anisany fototry ny fahantrana lalina mianjady amin'ny vahoaka Malagasy. Fahiny, tokoa mantsy na “tain'omby mivadika aza tsy misy maka” satria nifampitsinjo ny Malagasy. Ny famerenena izany foto-pisainana izany no antoka hisian'ny fandriampahalemana, fifampitokisana, ary hanomezana hasina ny tsirairay ao anatin'ny fiarahamonina mirindra.

Raha omena sehatra hampivoatra ny fiainany ara-toekarena, ara-tsosialy sy ara-politika mantsy ny olom-pirenena dia afaka hampandroso ny firenena misy azy. Ilaina arak'izany ny fiaraha-mientan'ny vahoaka sy ny mpitondra ka hanao “soroka miara-milanja sy tongotra miara-mamindra” ho fampandrosoana ny tanindrazana. Tsy ho tanteraka anefa izany raha tsy tonga amin'ilay “Fahatongavan-tsaina” na “Consciencisme” ny vahoaka fa indrindra indrindra ny mpitondra.

Ilaina ny fifohazan'ny feon'ny fieritreretan'ny Malagasy tsirairay mba ho liana amin'ny tantarany izy, hahafantatra ny kolontsainy ary hamelona ao anatiny ny toe-tsaina tia mandray andraikitra, mandala ny fahamarinana ary manaja ny fahafahan'ny hafa.

### Consciencisme

- Pour une contribution citoyenne à la réhabilitation sociale
- Pour un État laïc, décentralisé, rassembleur et culturel
- Pour une souveraineté nationale et un décollage économique
- Pour une société en harmonie avec les ressources naturelles du pays
- Pour une stabilité politique, économique et sociale

## MOMBA NY ANTOKO

Niorina ny taona 2014 ny antoko **Tambaben'ny Olompirenena Nampiraisin'ny Andraikitra** (TOLONA) na **Rassemblement des Citoyens Responsables** (RCR). Andriamatoa Laza Razafiarison no filoha nasionaly ary Malagasy monina any amin'ny vazan-tany efatra no manatevin-daharana ny antoko. Ankoatran'i Madagasikara dia firenena 35 hafa any amin'ny kaontinanta enina ankehitriny no misy mpikambana voasoratra anarana ao amin'ny antoko RCR-TOLONA.

Vaomiera enina no miandraikitra ny fanatanterahana ny lamin'asa rehetra ka ireto avy izany :

- **Vaomiera Politika**
- **Vaomiera Fampitaovana**
- **Vaomiera Fitantanam-bola**
- **Vaomiera Fampianarana sy Fiofanana**
- **Vaomiera Serasera**
- **Vaomiera Sosialy**

Nandalo sedra sy fotoan-tsarotra maro ny antoko RCR-TOLONA saingy nijoro hatrany ary nanohy ny tolona mba hanairana ny Malagasy hifoha amin'ny torimasony.

Mbola maro ny ezaka sy tetikasa kasain'ny antoko RCR-TOLONA ho tanterahina eny anivon'ny fiaraha-monina indrindra eo amin'ny lafiny fanabeazana sy sosialy ary efa misy lamina maty paika natao hanantontosana izany.

## FIREHAN-KEVITRA IJOROAN'NY ANTOKO

Ny **"Consciencisme" na "Fahatsiarovan-tsaina"** no firehan-kevitra ijoroan'ny antoko RCR-TOLONA. Rehefa ho tody amin'io fahatongavan-tsaina io tokoa mantsy ny fiarahamonina dia hobaikon'ny feon'ny fieritreretany voataiza ny mpitondra sy ny vahoaka, ka azo antoka fa hanjaka ny rariny sy ny hitsiny. Resy lahatra ny RCR-TOLONA fa ny fanabeazana sy ny famerenana ny kolontsaina malagasy ary ny fanitsiana izany hifanaraka amin'ny vaninandro misy antsika (ajustement culturel) no ahafahana miverina indray amin'ny "fahatongavan-tsaina".

Ny fanovana ny rafitra ara-politika sy ara-toekarena ary ny ara-tsosialy no tetikady entina hanatratrarana an'io tanjona io ary izany rahateo no foto-kevitra tena hahafantarana ny RCR-TOLONA.

Raha mahaliana anao ny hahafantatra misimisy kokoa momba ny fanovan-drafitra sy ny fomba hanatanterahana izany dia manasa anao izahay hitsidika ny tranonkalan'ny RCR-TOLONA na koa hanatrika ny fiofanana karakaraina manerana an'i Madagasikara sy any ivelany.

## PRÉSENTATION DU BUREAU POLITIQUE NATIONAL

Le parti RCR fonctionne à travers trois organes principaux: Le Bureau Exécutif National, le Conseil National et l'Assemblée générale

Bureau Exécutif National est composé d' :

- Un Président national
- Un Vice Président national
- Un Secrétaire Général
- Un Secrétaire Général adjoint
- Un Trésorier national

**Le Bureau Exécutif National** dirige et administre le parti suivant les recommandations et les directives de l'organe de concertation appelé Conseil National.

**Le Conseil national** est un organe consultatif qui regroupe plusieurs commissions désignées par le bureau exécutif et œuvrant dans des domaines techniques différents. Le Conseil National joue le rôle de conseiller et a pour mission d'assister le bureau exécutif dans la prise de décision et dans la réalisation des projets du parti. Il est par ailleurs constitué des représentants des collèges régionaux issus des membres à la base.

Les collèges régionaux sont issus des comités de bases et ont pour attribution d'administrer le parti au niveau local. Ces collèges sont représentés au niveau du Conseil national de manière proportionnelle au nombre de population des régions.

**L'Assemblée générale** est constituée de l'ensemble de tous les membres à travers le territoire malgache.

raha te ahafantatra
bebe kokoa

haingo : vaomiera serasera ara-kajy